## Fanotofana tany tsy ara-dalàna
## Kamiao miisa 5 no saron'ny CUA ny faran'ny herinandro teo 2


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 27 novambra 2018 Laharana 843 Vidiny : 400 Ar


**Fitomaniana 3: 25-26** 5

Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 88), 25 novambra 2018


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


### Kandidà miisa 34 2

# Ny 70% no efa nifampiresaka tamin-dRavalo



### Hetsika tetsy Ambohidahy 3

# Fiara iray nisy nandoro



### ANTANANARIVO AVARADRANO 3

## Tafatsangana ny K25 Alasora



### Ambohitsilaozana Ambatondrazaka 6

## Dahalo roa no maty, nodoran' ny fokonolona ny fatiny

### Fort- Dauphin 7

## Pakebô roa nitondra mpizahatany nandalo tao Ehoala

### Boriboritany faha-3 (CUA) 6

## Nanome «kit scolaire» ireo ankizy sahirana

### Daka kely

Mitady hamerina ny fandorana toy ny tamin'ny 2009 indray ve ry Boaikely a !

### Fikambanana Tsiorintsoa 6

## Manao asa sosialy eny Antananarivo Atsimondrano



KANDIDÀ MIISA 34

# Ny 70% no efa nifampiantso tamin-dRavalo

***TAMIN'NY FANDALOVAN'NY MPANOLOTSAINA MANOKAN'NY BEN'NY TANÀNA MARC RAVALOMANANA TAO AMIN'NY LAPAN'NY TANÀNA ANALAKELY OMALY, NISY NY TAFA TAMIN'NY MPANAO GAZETY NATAONY MAHAKASIKA IHANY KOA NY LAFINY POLITIKA. DINIDINIKA :***

**- Mpanao Gazety (MG) : manao ahoana hatreto ny fahitanao ny voka-pifidianana ?**

**- Filoha Marc Ravalomanana (FMR) :** miandry am-pitoniana ny vokatra ofisialin'ny HCC isika. Na izany na tsy izany, vonona tanteraka hiatrika ny fihodinana faharoa ny tenako mba hisehoan'ny safidim-bahoaka marina. Tsy misy fepetra hapetrako ho an'ireo izay te-hanohana ahy. Ho an'ireo kandidà 34 nirotsaka hofidiana tamin'ny fifidianana fihodinana voalohany, efa ny 70%-n'izy ireo no nifampiantso tamiko ary mety hanohana.



**- MG : misy ve ny fiaraha-miasa eo aminao sy ny antoko HVM ?**

**- FMR :** efa misy ! ary mandeha « automatique » izany fiaraha-miasa izany eo amin'ny ben'ny tanàna HVM satria betsaka ny ben'ny tanàna HVM sy TIM mifankahita amiko any am-pandehanana any ka izaho tsy mandà ny hiara-miasa amin'ireny. Mbola tsy nisy kosa ny fifampidinihana momba izany teo amiko sy ny Filoha Hery Rajaonarimampianina.

**- MG : voizin'ny sasany hoe manavakavaka foko sy ny eny ambany tanàna ianao, aiza ho aiza ny amin'izay ?**

**- FMR :** ahoana no anavakavahana olona nefa ny asa ataoko dia ho an'ny olona rehetra : manamboatra lalana mankany aminy aho, manome asa, mampianatra ny zanany, tena te hanampy ny olona eny ambany tanàna ny tenako fa tsy marina izany. Olona niara-niasa tamiko teo aloha nilaza fa akaikin'ny olona eny amin' ireny toerana ireny no tsy faly dia nanaparitaka izany tsaho izany dia nandaitra, dia mino koa ny avy eny ambany tanàna. Nefa ny ahy dia « actions » no tiako hatao fa tsy vava fotsiny, tena hanampy aho, tena hamonjy aho ary hampivoatra ny fiainan'izy ireny aho.

**- MG : misy ny resaka hala- tahaka amin'ny fizaràna kits scolaires, manifesto, ny fahitanao izany?**

**- FMR :** samihafa ny kopia sy ny tena « original », ary tena ho samihafa, ny iray nofinofy ary tsy izy no namorona azy. Fa ity manifesto ity nianga tamin'ny fikarohana izay hampandroso an'i Madagasikara, natao teny malagasy izay vao nadika tamin'ny teny vahiny. Ny maika izao dia hatao ny lalana, hanangana orinasa sy toeram-pitsaboana, hampiakarana ny sandambola malagasy, hampiharina ny « décentralisation effective » hanome hasina ny fokontany sy ny sefom-pokontany, ao koa ny ben' ny tanàna,… Hampiakarina ny hambompo maha malagasy mba tsy ho « yes man » na «oui m'sier » foana no atao eto. Hamafisana ny fifandraisana amin'ny any ivelany amin'ny alalan' ny fametrahana ny masoivoho any amin'ireo firenena matanjaka toa an'i Allemagne, Frantsa, Vondrona Eoropeana,… izay tsy misy masoivohontsika ankehitriny.

**-MG : nanakatona orinasa ianao fony teo amin'ny fitondràna, mbola hanakatona indray izany ianao rehefa tonga eo amin'ny fitondràna ?**

**-FMR :** raha nisy orinasa nidina tamin'izany dia hosokafana indray izy ireo mba hisian'ny fifaninanana. Raha tiana handroso ny ekonomia eto Madagasikara dia avela hanjaka ny fifaninanana amin'ny lafiny rehetra.

**- MG : misy amin'izao ny fanenjehana ireo olona manampy anao, ny fahiatanao izany?**

**- FMR :** voalohany aloha, tena faly aho ary misaotra ireo olona manampy ahy, toy ny antoko HVM ary koa ny mpanolotsaina manokan'ny filoha toa an-dry Mbola Tafaray sy ireo ministra miaraka aminy, isaorako ny fisian'ireny olona ireny, ka tsy ho malailay fonosana aho, ny hahasoa ny firenena no kendrentsika miaraka, izay no mahatonga ilay filamatra vaovao hoe « Hampiombona mba hampitovy lanja » : hampiombona ny mpanao politika maromaro mba hampitovy lanja ny vahoaka malagasy sy hialàna amin'ny fizarazarana hiatrehana ny fihodinana faharoa.

**- MG : tsy te hiditra amin'ny fihodinana faharoa ny ankabeazan'ny mpanao politika ary mangataka fanafoanana ny fifidianana na miroso amin'ny tetezamita, ahoana ny amin'izay?**

**- FMR :** lazaiko aminareo, tsy afaka misahana irery ny fikarakarana ny fifidianana izany i Madagasikara fa miankina be dia be amin'ny fanampiana avy any ivelany, izay no anton'ny « basket fund ». Raha misy ary ireo mpanao politika nahazo vato mikofokofoka dia tsy afaka mandika ny lalàm-panorenana ny CENI. Fa tsy maintsy mizotra io matoa nandrotsaka vola 1 tapitrisa Euros ny Vondrona Eoropeana, ary neken'ny « observateurs » na ny mpanara-maso izay nanara-maso ny fifidianana, tsy afaka miolonolona irery i Madagasikara fa tsy maintsy miaraka amin'ny firenendehibe, ka raha mikononkonona izy ireo na mitady hanakorontana, tany misy fanjakana anie ity e.

***Nangonin'Isambilo***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Tsy ho azo ihodivirana ny fihodinana faharoa

Anisan'ny vaovao hanamarika ity herinandro ity ny hamoahan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana (HCC), ny voka-pifidianana ofisialin'ny fifidianana filohampirenena fihodinana voalohany natao teto amintsika ny 7 novambra lasa teo. Raha ny vokatra vonjy maika teny amin'ny CENI, na ny Vaomieram-Pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana, hirosoana ny fifidianana filohampirenena fihodinana faharoa eto amintsika ny 19 desambra ho avy izao. Na izany na tsy izany, tsy maintsy handrasana aloha ny vokatra ofisialin'ny fifidianana havoakan'ny andrimpanjakana etsy Ambohidahy. Ireo kandidà nahazo ny laharana roa voalohany vonjy maika tamin'iny fifidianana iny dia toa efa miomana ho amin'io fihodinana faharoa io. Ny kandidà Andry Rajoelina ny herinandro teo dia nankasitraka ireo mpifidy azy tamin'ny faritra iva teto Antananarivo Renivohitra, nizara koa izy vary mora tany Toliara. Ho an'ny kandidà Marc Ravalomanana, nankasitraka ireo mpifisy koa izy tamin'ny faritra maro teto amin'ny Nosy ny herinandro teo iny : tany Alaotra Mangoro, Atsinanana, Vatovavy Fitovinany, Atsimo Atsinanana, Atsimo Andrefana, Ihorombe ary tao Vakinankaratra. Izany rehetra izany dia efa ao anatin'ilay antsoina hoe : "pré-campagne" indray ho an'ireo kandidà 2 ireo, fa mody ny fankasitrahana ny mpifidy no nitondrana ny fihaonana tamin'ny vahoaka. Ny mpiara-miombon'antoka avy any ivelany koa dia efa te hiteny fa hisy ny fihodinana faharoa eto amintsika, efa namatsy vola izany ny Vondrona Eoropena ny herinandro lasa teo. Dia samy miandry am-pitoniana ny voka-pifidianana ofisialy havoakan'ny HCC isika, voalaza fa rahampitso alarobia tsy miverina no hanaovany izany.

***Isambilo***

*TONONKALO*

## Eo am-piandrasana ny voka-pifidianana

Efa misy ny mitonona ho nibata fandresena,
Na dia mbola tsy nivoaka irony vokatra mazava.
Dia mirehaka aok`izany sy mideradera tena
F`efa izy no filoha , (dia ilay filohan`ny mpandrava !)

Mila mba mahandry tantana raha hitondra firenena,
Fa tsy mety ny maimaika , misavoana toy izany.
Saingy ho an`iretsy sasany , ny mpitsara no terena
Hamoaka vokatra tsy marina , notefena tany ho any !

Dia omaniny ny sain`ireo izay azony vidiana,
Fa hirotaka izy ireo raha toa ny vokatra tsy izay .
Koa mandiniha ry Malagasy sady saino am-pitoniana,
"Ketrika maloto" mantsy no kasain`ireo indray.

Tsy hoe indroa na hoe intelo ianao no mbola hofitahina.
Ampy izay ny sivy taona tena nampipendrampendrana.
Mijoroa , koseho ny maso mba tsy ho jamba na ho pahina,
Ary idifio tanteraka ny "tanora gasy vendrana".

***DADAN`i ZINA ( 25-11-18)***

Fanotofana tany tsy ara-dalàna

# Kamiao miisa 5 no saron'ny CUA ny faran'ny herinandro teo

Momba ny fanotofana tany tsy ara-dalàna eto Antananarivo Renivohitra, kamiao miisa 5 no saron'ny Polisy Monisipaly sy ny Polisim-pirenena miara-miasa amin' ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) ny faran'ny herinandro teo. Noho izay antony izay, nivory tao amin'ny lapan'ny tanàna Analakely omaly ny ben'ny tanànan'Antananarivo Renivohitra Lalao Ravalomanana sy ny mpiara-miasa aminy akaiky, niatrika izany koa ny mpanolotsaina manokan'ny ben'ny tanàna, Marc Ravalomanana. Amin'ny maha-mpanolotsaina manokan'ny ben'ny tanànan'Antananarivo ny filoha Marc Ravalomanana dia nanome toromarika ny mpanolotsainan'ny kaominina izy handray fepetra hentitra amin'ireo olona na orinasa manototra tany tsy ara-dalàna amin'ireo fotoam-pahavaratra izao. Misy ny milaza fa olona ambony avy ao amin'ny kaominina mihitsy no manao sonia taratasy manome alalana izany. Rehefa nohamarinina, hoy ny tao amin'ny kaominina, dia misy misandoka ny sonia sy ny tombon-kase. Raha ny tokony hoy izy tokoa anefa dia tsy maintsy mahazo alalana avy amin'ny kaominina avokoa ny fanotofana tany rehetra eto an-drenivohitra. Noho izany handray fepetra ny avy ao amin'ny CUA hisava ireo kamiao mivezivezy manototra tany sy izay nanome alalana azy hanao izany. Hampidirina « fourrière » na toeram-pihibohona avy hatrany izay tsy manana taratasy ara-dalàna, anisan'ny faritra tena hojerena akaiky ny eny Anosivavaka, Andranobevava, Ankazomanga, Andraharo sy ny sisa... Efa fotoam-pahavaratra izao ka anisan'ny fepetra tokony horaisina hiarovana ny faritra iva tsy ho dibo-drano sy ny fahatsetsenan'ny tatatra izany tsy tokony hanotofana tany izany intsony amin' izao fotoana. Ankoatra izany, "Aoka tsy hatao soroana ny vahoaka" hoy ny filoha Marc Ravalomanana, raha niresaka momba ny fako eto andrenivohitra izy. Amin'ny maha-mpanolotsaina manokan'ny Ben'ny tanàna'Antananarivo azy no nilazany, fa raha tsy misy fandraisana andraikitra hentitra sy haingana dia tsy ho voafehy ny valanaretina mety hateraky ny loto satria efa miditra fahavaratra isika izao. Nambarany fa raha nifampiresaka tamin'ny Minisitry ny rano, tomponandraikitra voalohany misahana ny SAMVA ny tenany dia nilaza ity farany fa "avy any amin'ny faratampony mihitsy ny olana" tsy ahafahana manatanteraka ny asa, izany no midika fa tompon'antoka amin'ny fivangongoan'ny fakon' Antananarivo ny ministry ny vola sy ny tetibola Vololontsalama Andriambololona, ny Praiminisitra Ntsay Christian ary ny filohampanjakana Rivo Rakotovao.



***Helisoa***

## Ny Valosoa sy hadihady

# Hetsika tetsy Ambohidahy : fiara iray nisy nandoro

Folo taona latsaka roa volana lasa izay no nisy ny Alatsinainy mainty tsy teto Antananarivo ihany fa nanerana ny Nosy mihitsy. Efa herinandro izao no nisy andian'olona nihogahoga teo anoloan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana (HCC), fa tsy manaiky ny voka-pifidianana navoakan'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana (CENI) sy mitaky ny hanafoanana ny fifidianana filoham-pirenena notanterahina ny 7 Novambra 2018, hono. Omaly Alatsinainy 26 Novambra ary dia nanomboka nihoa-pefy amin'izay ireo andian'olona ireo, ka nandoro fiara iray, nijanona teo amin'ny sisin-dàlana, satria nisy nimenomenona rehefa naparitaky ny mpitandro ny filaminana fa tsy nisy vola, hono, ka ny fiaran'olona tsy misy nidirany tamin'izany no nanamparan'ireto andian'olona ireto ny hatezerany. Soa fa nalaky tonga ny mpamonjy voina raha tsy izany dia ho kila forehitra ilay fiara. Raha ny feo niely mantsy dia nozaraina enina arivo ariary isan'olona isan'andro izy ireo hatramin'izay herinandro nanombohan'ny hetsika izay. Niaraha-nahita tamin'ny tambazotran-tserasera fa i Rajaonah Mbola no nizara vola satria olona nanao "tee shirt" misy ny "logo"-n'ny RLM Communication no nanao ny fizaram-bola. Nolavin'ity mpandraharaha ity marindrano izany fanosoram-potaka sy fisandohana izany satria zavatra mamoafady. Ny Zoma lasa teo dia efa nanomboka nidina teny amin'ny arabe nanakana fiara ireto andian'olona ireto kanefa tsy mbola nisy tranga tahaka ity omaly antoandro ity. Manomboka indray izany ny fandravàna sy fandorana fananan'olontsotra izay mety hihafara amin'ny fandravàna fananana iombonana tahaka izay nisy tamin'ny 26 Janoary 2009 ilay andro nanjombona sy nalaza eran-tany nantsoina hoe: "Alatsinainy mainty". Fifanojoana fotsiny ihany angamba ilay tarehimarika "26" sy ny andro "alatsinainy" fa ny ao ambadika kosa dia mety ho atidoha iray ihany satria mitovitovy ihany ireo fitenenana hoe "na inon-kidona, na inon-kihatra" sy ny hoe "na basy na tafondro hipoaka". Mampanontany tena ihany izay mety hitranga rehefa hivoaka tokoa ny vokatra ofisialy izay hambaran'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana rahampitso alarobia 28 Novambra 2018. Raha ny fahitàna azy dia misy ireo mitarika ny hanafoanana ny fifidianana dia hanangana tetezamita indray, ka miandry mahazo fotsiny mba hitaingenana seza satria raha fifidianana no handrasana hahazoana izany dia nofinofy ihany. Mazava ho azy fa misy amin'ireo hiatrika fihodinana faharoa milaza fa tsy marina ary tsy mitombina ny vokatra vonjimaika navoakan'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana satria efa lany tamin'ny fihodinana voalohany izy araka ny kajikajiny. Efa zatra nangala-bato loatra ny karazan'olona tahaka itony sady namafy vola tsy toko tsy forohana loatra, ka tsy mahagaga raha tsy mahatoky olona intsony. Ny mahagaga ihany koa dia tsy nasian-dranamana resaka mihitsy ireo tsy fahatomombanana rehetra teo amin'ny lisi-pifidianana sy ny kara-pifidianana fa dia ny "logiciel" nampiasain'ny CENI hatrany no nolazainy fa tsy azo antoka. Rehefa nekena ny fahazoana nanara-maso ny fikirakirana dia nitsoaka an-daharana ny olony ary rehefa nasaina nanao ny fampitahana ny PV dia tsy tonga ny ekipn-dRajoelina, ka heverina fa efa misy tetika maloto kotrehina mihitsy ao ambadik'izao famporisihana antokon'olona hanao fihetsiketsehana handà ny vokatra vonjimaika sy hanafoanana ny fifidianana mihitsy izao. Ny tsy ao an-tsain'ireto olona ireto dia firy amin'izy ireo no ho lasa mpiasam-panjakana ambony na hahazo asa hivelomany rehefa tonga amin'ny tanjona nokendreny ireo mandrisika azy? Ankoatry ny fampanofisana olona hiaina ao anaty tanàna misy trano mijoalajoala sy làlambe migodàna dia fananganana "tsena mora" isaky ny fokontany toy ny tamin'ny taona 2009 ihany no mba hampanantenain'ity kandidà laharana faha-13 ity ny vahoaka any Atsimo any. Raha izao tranga misy izao no dinihana dia toa miverina ny kisarisary tamin'ny fanonganam-panjakana kanefa efa nahay nisintona lesona ny ankamaroan'ny Malagasy, ka tsy ho latsaka ao anaty vovon'ny mpandrava sy mpandroba intsony.

**Andry Tsiavalona**

## NY TENY FIAINANA



*I Timoty 4:4*

*Fa ny zavatra rehetra nataon' Andriamanitra dia tsara avokoa, ka tsy misy tokony holavina, raha raisina amin'ny fisaorana.*

Ambatondrazaka

# Andrasana ny fahatongavan' ireo delegasionina hanangana ny K25

Efa tsindrian-daona fatratra ny vahoakan' Alaotra amin'izao fotoana izao amin'ny hananganana ilay fikambanamben'ny mpanohana an'i Dada na ny K25 izany. Isan'izany ny vahoakan'ny distrikan' Ambatondrazaka, izay nahazoan'i Dada fandresena tamin'iny fihodinana voalohany iny. Mba tsy hisian'ny fisamatsamahana hoy izy ireo satria tanjona iray ihany dia ny hampandresy amin'ny salan'isa ambony dia ambony an'i Dada amin'io fihodinana faharoa io dia ilaina ny hitsanganan'io haingana dia haingana. Amin'ity herinandro ity no fantatra fa ho tonga aty Alaotra ireo delegasionina izay hanangana izany ary efa miandry izany ny mponina. Betsaka rahateo ny resy lahatra amin'ny hidirana ao anatin'ny K25 ary efa vonona amin'ny asa goavana miandry dia ny hampandresy an'i Dada. Misy amin'ireo izay nanohana ny mpifanandrina tamin'ny Filoha Marc Ravalomanana no resy lahatra amin'izao fotoana izao, ka hiditra ao anatin'io K25 io. Diso lalana izahay hoy izy ireo ka aleo miverina dieny mbola tsy tara. Tsy manosiboho-tanana anareo izahay hoy kosa andriamatoa Liva Mozambika satria ilaina ny fifanampiana amin'ny fampandaniana ny Filoha Ravalomanana Marc izay hany vahaolana hanafaka sy hanavotra an'i Madagasikara amin'izao lavaka lalina dia lalina misy azy izao.

***Raoul***

ANTANANARIVO AVARADRANO

# Tafatsangana ny K25 Alasora

Nifamotoana tao amin'ny Hotel Orion Alasora Antananarivo Avaradrano ny fikambanana maro samihafa toy ny antoko politika, olontsotra ary fikambanana maro, vonona hanohana sy hametraka ny filoha Marc Ravalomanana hitantana ny firenena indray amin'ny fihodinana faha 2, ao amin'ny kaominina Alasora ny faran'ny herinandro teo. Raha ny fanambaràna navoakan'ny CENI dia tsy nisy nahazo ny antsasa-manilan'ny vato manankery ny kandida 36 dia tokony hizotra any amin'ny fihodinana faha 2 izany ny raharaha saingy mbola andrasana aloha ny vokatra ofisialy avy amin'ny HCC. Nisy araka izany ny fananganana ny komity manohana ny kandida N°25 na ny K25 Alasora, izay nandraisan'ny rehetra anjara nandritra ny fivoriana. Tao anatin'izany no nanoloran'ny komity vonjimaika nikarakara ny fivoriana ny fitsipika mifehy ny K25 ao Alasora hoentina hiatrehana ny fifidianana. Tapaka nandritra ny fivoriana, fa atao fiaraha-mitantana ny hitarika ny K25, ka filoha 9 avy amin'ny fikambanana toy ny TIM, KMMR, mpandraharaha, olomboafidy teo aloha no mandrafitra izany. Eo ihany koa ny mpanolotsaina iray isaky ny fokontany 20 ao amin'ny kaominina Alasora, hiara-hiasa amin'ny filoha mpitantana . Niray feo ny K25 ao Alasora, fa vonona hanarina ny lesoka tamin'ny fihodinana voalohany, hanao izay hampandresy amin'ny fomba mazava ny kandida Marc Ravalomanana N°25 amin'ny fihodinana faha 2. Nanome voninahitra ny fotoana tao antoerana ny depiote voafidy tao amin'ny distrikan'Avaradrano, Randriambolaina Gerry sy ny mpiara-miasa aminy ary ny Distim Avaradrano.

***Helisoa***

## facebook NY VALOSOA VAOVAO

### Hanamboary trano aloha ireo malagasy rehetra tsy manan-kialofana vao miresaka building ho an'ny mpanana ry Rajoelina â !!!

**Ange Noro** : aza manonofy Rajoelina a ! omeo trano aloha ny tsy manana izay vao miresaka building ho an'ny mpanana.

**Rabary Lucie** : tsy programany izany e ! tsy fantany koa izay tenenina toy ny kandidà miteniteny foana toa boloky fotsiny ilay Rajoelina, filohan'ny mpanongam-panjakana.

**Richard Ramananarivo** : iza aminareo malagasy mahantra ireo no afaka hanofa trano @ building ho an'ny mpanakarena ??? Nefa ianareo mitenaka sy mivarotra vato @ fampanantenana poakaty ataon'io olona mavandy sy manambaka anareo io ???
*** Mahaiza mifidy ê !!! Izay fotsiny ihany, aiza mifidy izay efa nandroba, nandoro, namotika firenena.

**Dera Faliarivo** : Dada alongany nantsika jiaby e!

**Georgette RG Georgette** : ny tsy manana tokoa no tokony homena trano fa tsy manana ihany no tovonana, miteniteny fahatany ilay Andry Rajoelina, diso daozy angamba.

**Olivier Rahari Malala** : marina izany, mety diso daozy angamba ilay Boaikely.

**Verohaja Andriamanakoto** : De gaga enao ! fitaovana no tokony homena ireo sahirana iasany fa tsy vary mora vonjy tavanandro lava izao.

**Zoly Randria** : rah ts hoe angah ka hapetraka any amn'i reo building vao hatsangana ny tsy manankialofana. Nefa toa nofy ihany zany ! Tena manao nofy antoandro ilay Rajoelina.

**Rj Mc** : mba jereo anie le trano mora e tsis olona hafa nahazo fa samy zareo daholo no ao, tena tsy ho an'ny vahoaka akory ilay izy.

Tetikasam-piarahamonina

# Ny mampiavaka ny Madagasikara am-perinasa II (MAP 2) *Nangonin'Isambilo*

Ny mampiavaka ny MAP II dia ny fomba namolavolana azy.
- Ny MAP II dia mifototra amin'ny traik'efa sy ireo vokatra azo tamin'ny MAP I. Anisan'izany ireto ohatra manaraka ireto: ny fihatsaran'ny fari-piainan'ny vahoaka Malagasy izay vokatry ny fitomboan'ny harikarena faobe nihoatra ny 7% tamin'ny taona 2008, ny fampidirana an-tsekoly ny zaza Malagasy tamin'ny alàlan'ny fandaharan' asa "Fampianarana ho an'ny daholobe" sy ny fizarana "kits scolaires", ny fanatsarana ny fahasalaman'ny mponina antanàn-dehibe sy ambanivohitra vokatry ny fananganana toby fitsaboana fototra na Centres de Santé de Base maro be manerana ny Nosy, ny fitomboana haingana teo amin'ny famoronan' asa vokatr'ireo fampiasam-bola lehibe teo amin'ny sehatry ny fitrandrahana harena ankibon'ny tany sy ireo orin'asa hafakaba, ny fametrahana ny fitsinjaram-pahefana indrindra ny fametrahana ireo faritra 22 hisolo ireo faritany 6, ny ady amin'ny kolikoly toy ny fametrahana ny BIANCO, sy ireo ezaka vita maro hafa.
- Ny MAP II dia niainga tamin'ny fankan-kevitra tamin'ireo sokajin'olona samihafa teny amin'ny faritra, ny fifanakalozankevitra nataon'i Filoha Ravalomanana tamin'ny sokajin'olona maro samihafa nandritry ny fitsidihana ny faritra sy toerana maro hatramin'ny fiverenany teto Madagasikara, ary koa ny fifanakalozana traik'efa teo amin'i Filoha Ravalomanana sy ireo manam-pahaizana ary mpiaramiombon'antoka Malagasy sy vahiny eto antoerana sy any ivelany.

## An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

Ny Ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana sy ny mpanolo-tsaina manokana Marc Ravalomanana nitafa tamin'ny mpanao gazety omaly.





Ny fananganana ny K25 tany Alasora ny faran'ny herinandro teo.





**POLITIKA-SOSIALY MOMBA NY ANKIZY**

# Natao antsirambina an-taonany maro izay

Tsikaritra fa tsy mitsahamitombo ny isan'ireo olona matory eny an-tsisin-dalambe rehetra eny tato ho ato. Manaitra ny saina ao anatin'izany ny mahita ny fisiana mbola ankizy maromaro mitakoko miara-matory ary tsy amin'ny toerana iray no ahitana izany. Matetika mbola tratra maraina matory eny amin'ireny toerana ireny izy ireny ary tena mbola ao anaty torimaso tokoa. Mazava loatra fa zanak'ireo olona "sahirana" anaty fahantrana efa mpatory eny amin'ireny toerana ireny ireo. Andraikitry ny ray amandrenin'izy ireo aloha izy ireo. Ireo no tompon'andraikitra voalohany amin'ny fahorian'ireo zaza ireo, vao ny fitondrana. Na izany aza anefa dia tsy afa-miala velively ny fanjakana satria andraikiny ny mametraka politika momba ny mponina. Misy rahateo ny ministera misahana ny mponina eto amintsika izay tsy hita mazava izay fomba fiasany hatramin'izay nentina namahana io toe-java-misy io. Tsy mbola voahaja ny zon'ny ankizy eto amintsika amin'ny ankapobeny araka izany. Misy anefa ny andro sy volana mihitsy natokana ho azy ireo isan-taona izay anaovana hetsika samihafa, dia tsy hita akory izay fiantraikan'izany avy eo anivom-piaraha-monina. Tsy nisy politika mazava sy matotra momba ny zon'ny zaza sy ankizy narafitry ny fitondrana tato anatin'ny taona maromaro farany izao. Dia iaraha-mahita hatrany izao ny vokany sy ny zava-misy. Raha te hanana firenena vanona anefa, tsy maintsy ny zaza sy ankizy no tsinjovina fatratra. Tsy mendrika ho azy ireny ny matory eny antsisin'arabe na ankalamanjana rehetra eny. Ny tokony ho hatrehiny dia ny mianatra sy ny milalao ary misakafo. Tsiahivina fa anisany paik'ady entin'i Marc Ravalomanana ho amin'ny vina fampandrosoana ny firenena ny fitsinjovana ireo zaza sy ankizy Malagasy. Voalohany amin'izany ny fampidirana ny ankizy an-tsekoly sy ny fanomezana sakafo ho azy ireo. Antoka iray lehibe hahavanona ny firenena izany araka ny nambarany. Ny fototra mihitsy no jereny akaiky amin'izany mba hampandroso ity firenena nampahantraina sy noravana ity. Marihina, fa omaly 26 Novambra no natokana ho andro iraisam-pirenena ho an'ireo ankizy mitoetra eny an-dalambe.

***Radafy***

## Sakafo Ny Valosoa



Henakisoa sy anandrano indray no laoka amin'ny sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Atao ketsaketsa izany, hasiana voatabia sy tongolo miaraka aminy. Dia mihinàna finaritra tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahavariana


### Fomba fandrarahana fanafody amin'ny maso

Fomba fandrarahana fanafody amin'ny maso indray no Mahasoa amin'ny gazetinao androany. Matetika sahirana be mandraraka ilay ranom-panafody ireny anaty maso isika. Tsy manahirana ary tsy mila olona ianao hanampy anao fa ianao dia mahavita azy. Tsy mila ilay matory be mitsilany iny intsony ianao. Tsy mila ilay sokafana avandravandra be ireny itsony ny maso. Tsy mila olona ianao handraraka azy fa ianao ihany dia mahavita izany. Toy izao no atao:

- Mipetraka mahitsy ianao.
-Alaina ilay goutte dia apetraka amin'ny sisin'ny maso.

Vao voapetraka eo ilay lohan'ny tavoahangy kely iny dia ahiratra ny maso ary somary mitraka kely dia manomboka mandraraka.

Vao miraraka iny goutte iny dia tafiditra amin'ny maso iray manontolo.



## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny tanànan'i Mahajamba any amin'ny faritra Boeny

Ny tanànan'i Mahajamba any amin'ny distrikan'i Mahajanga faha-2 faritra Boeny indray, no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Mahajanmba Usine ihany koa no iantsoana ity tanàna ity, izay kaominina ambanivohitra. Mampalaza azy ny fiompiana makamba na patsabe. Iva toerana ihany izy miohatra amin'ny ranomasina satria 9 m eo fotsiny ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Amin'ny faritra avaratra atsinanan'ny faritra Boeny no misy an'i Mahajamba.



## Fitomaniana 3: 25-26

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 88), 25 novambra 2018

***Fitomaniana 3: 25-26: "Tsara AHO JEHOVAH amin'izay manantena AHY, dia amin'ny olona izay mitady AHY. Tsara ny miandry ny famonjeko JEHOVAH amin'ny fahangi-nana. Andininy 31: Ary tsy mba hanary mandrakizay AHO JEHOVAH."***

Ho tohin'izay nambarako taminareo. Inona moa hoy AHO no dikan'ireo dingan'ireo BATISA ireo? Ny dikan'ireo dia ny mba hirosoana amin'ny dingana hafa indray. Maro amin'ny olona no tsy mahalala ny tohin'ny lalam-panompoany, ary izany no mahatonga ny fizarazarana maro eo amin'ny fanompoana AHY ka mahatonga AHY mampianatra anareo olombelona fa rava ny programako, rava koa ny fiainanareo. Tsy misy manameloka anareo izany afa-tsy i losifera fa IZAHO JEHOVAH kosa dia mampanantena Famonjena anareo sy Fiainana mandrakizay. Izao vanin'andro iainanareo izao no atao hoe : "ANDRO FARANY". Inona moa izany??? Izany dia midika hoe andron'ny Fanahy Masina, fotoanan'ny Fanahy Masina, Fiasan'ny Fanahy Masina. Inona daholo izany? Dikany : izao no fotoana aneken'ny olombelona rehetra ny Fanahy Masina eo amin'ny fiainany, eo amin'ny fiangonana, eo amin'ny firenena eny maneran-tany mihitsy. Aoka tsy ho diso ny fankatoavanareo ny Fanahy Masina eo aminareo ary tokony ho fantatrareo hoe mankaiza? Miafara aiza? Rehefa vitanareo ireo dingana ireo dia izao : tsy hoe manompo olona, tsy hoe miantehitra amin'olona toa anao na mitoky amin'ny fiangonana sy ny anarany, tsy hoe miasa ho an'olona na manandratra olona, tsy hoe mamono tena mirotoroto etsy sy eroa ka tsy mahalala ny maha-olona intsony ka indro mandeha sy miasa amin'ny herin'ny tena ihany, tsy mahafehy ny asan'ny Fanahy Masina, tsy manaiky ho tarihin'ny Fanahy Masina. Mampifangaro ny fomban'ny tany amin'ny fomban'ny Lanitra, matoky tena ka miasa mafy ao amin'ny fanompoana an'i JESOSY mba ho fanantenan-javatra. Betsaka tokoa ny fahadisoan-kevitra, izany indrindra no hahatongavako eo aminareo fa malahelo anareo AHO JEHOVAH. Maro no mandeha amin'ny saina, amin'ny fahaizana sy amin'ny fahalalany ary amin'ny fahitany amin'ny maha-olona azy. ***Aoka handeha araka ny Fanahy Masina hianareo fa izany no nanomezana AZY anareo mba hanaovana ny sitrapoko JEHOVAH, mba ho tanteraka ilay Soratra hoe "ety an-tany tahaka ny any an-danitra***". Koa ny dingan'ny Batisa izay nataonao dia tsy mivilivily ho amin'ny ankavia na ho amin'ny ankavanana na hampiovaova sy hampivadibadika. **Misy lalana itondrany anareo dia lalana tokana sy lalàna tokana.** Inona izany? Lalana tokana ho any amin'ny Fiainana mandrakizay. Lalàna tokana= Fitondrana tokana izay iarahana ao amin'ny fanompoana tokana. Ny sitrapoko JEHOVAH dia nanomboka tao amin'i JESOSY, ***Jaona 5: 30*** *"Raha Izaho ihany, dia tsy mahay manao na inona na inona; araka izay reko no itsarako; ary marina ny fitsarako; fa tsy mitady ny sitrapoko Aho, fa ny sitrapon'izay naniraka Ahy."*, ***Jaona 6: 38*** *"Fa tsy nidina avy tany an-danitra Aho mba hanao ny sitrapoko, fa ny sitrapon'izay naniraka Ahy."* ***Efesiana 5: 17*** *"Ary noho izany dia aza manao adaladala, fa aoka ho fantatrareo izay sitrapon'ny Tompo."* Aza hadino fa ora farany izao. ***I Jaona 2: 17*** *"Ary mandalo izao fiainana izao sy ny filany; fa izay manao ny sitrapoko Jehovah Andriamanitra no maharitra mandrakizay."*, **Hebreo 10: 9** *"dia hoy indray Izy: «Inty Aho tonga hanao ny sitraponao.».* Ilay JESOSY manao ny sitrapoko no manao ireo FANAMBARANA rehetra ireo. IZY no arahinareo, izany no tokony hampahafantarina anareo ny AMINY mba tsy ho diso FANOMPOANA hianareo araka ireo dingan'ny BATISA nambara taminareo. Vakio Hafatra **GV 23 hatramin'ny GV 29** no milaza ny amin'i JESOSY. Isaia 53: 1-12. Raha ny marina izany ry mponin'ny tany, ry Fiangonana, ry mpino, ry Firenena tsy an-kanavaka, ry izao tontolo izao noforoniko, mahafehy fiainana be dia be ireo dingan'ny BATISA ireo ary ny ZAVA-DEHIBE dia izay vao tonga ao amin'Ilay FANASAN'I JESOSY. Ny mahazatra anareo moa dia hoe FANASAN'NY TOMPO. JESOSY ILAY TOMPO IO. Tsy misy olona tokony miray latabatra amin'i JESOSY raha tsy efa nandalo ireo dingan'ny Batisa ireo : Batisan'ny Fibebahana, Batisan'ny Famelan-keloka, Batisan'ny Rano, Batisan'ny Fanahy Masina, Batisan'ny AFO. **Io Batisa farany io no mihazona ny zavatra rehetra ary mbola mitondra ny olona ao amin'ilay Fanasana, izay midika hoe tafiditra ao anaty FANJAKAKO JEHOVAH ianao ary miandry ny FIHAVIAN'I JESOSY. Ny Fanasan'i JESOSY** izany tsy miankina amin'olona na Fiangonana na safidy na an-tery na hala-tahaka, tsy fanarahana olona na tahotra mpitondra, tsy misy fizahan-tavan'olona, tsy misy fandoavam-bola, tsy misy takalo, tsy misy fampihorohoroana fa **fahitampitia ny fahatongavana ao**. Tandremo ary fandrao misy mamitaka ianao fa io ny fampianarana marina. Hoy hianareo inona ary izany no tena dikan'ny FANASAN'I JESOSY. Hoy IZY, ***I Korintiana 11: 23-25*** *"Fa izaho efa nandray tamin'ny Tompo izay natolotro anareo kosa, fa Jesosy Tompo tamin'iny alina iny izay namadihana Azy, dia nandray mofo, ary rehefa nisaotra Izy, dia novakiny, ka hoy Izy: Ity no tenako ho anareo; izao no ataovy ho fahatsiarovana Ahy. Dia araka izany koa ny kapoaka, rehefa nihinana, dia hoy Izy: Ity kapoaka ity no ilay fanekena vaovao amin'ny rako; izao no ataovy ho fahatsiarovana Ahy, na oviana na oviana no misotro ianareo."*

Mbola hitohy

Amen! Haleloia!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

E-mail:
jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

## TAFATAFA

## Raniry any Mahajanga

# Aoka tsy hampidirina amin'ny kizo intsony ny firenena

***Naneho hevitra momba ny raharaham-pirenena indray Raniry mpanoratra sy mpakanto any Mahajanga.***

Aoka re ry vahoaka Malagasy mba 'zay tena mahasoa ny firenentsika no ndeha hilofosana fa aza sodokan'ny fitiavan-tena sy ny ny fitiavan-kely, ka hampihitsoka sy hampidi-kizo lalina indray ny tanindrazana iombonana. Ny trondro vaventy sy ngezalahy ihany no mahita tombontsoa amin'izany korontana sy savorovoro izany, fa tsy ny vahoaka madinika velively. Tsy efa mba ampy ve izao fahoriana lalina mianjady amin'ny vahoaka Malagasy izao no toa misy mitady hanampy trotraka amin'ny krizy vaovao indray? Aoka lahy! Mba todiho kely ity manjo ny firenenao! Marina ary tena tsy azo lavina mihitsy fa nisy tsy fahatomombanana tokoa iny fifidianana fihodinana voalohany iny saingy soa lavo hahay hamindra e! Toko tapaka, vilany mitongilana, izay tsy mety harenina. Hoentina mankaiza àry ity firenentsika ity? Any amin'ny "TETEZAMIITATRA" vaovao indray ve? Satria hofohanana ny fifidianana dia atao ny fanarenana ifotony? Efa tsy nahasoa fa tena nampitondra faisana tanteraka ny firenentsika izany "tetezamiitatra" izany dia mbola hiverenana indray ve? Tsy misy mandà an'izany fanarenana ifotony izany saingy misy zavatra tsy azo ihodivirana intsony dia ny fanatanterahana ny fifidianana satria izay no takian'ny lalampanorenantsika ankehitriny. Antso avo no atao amin'ireo fivondronan'ny kandidà izay tsy manaiky ny valim-pifidianana : "Ampio i Dada Marc Ravalomanana, manaova ianareo dina ifanekena miaraka mba hiatrehana sy hanatanterahana marina tokoa izany fanarenana ifotony sy izay zavatra hafa mety mampangetaheta anareo ho fanavotam-pirenena". Inoako fa tsy handà an'izany velively i Dada fa efa tena faniriany fatratra ny hanavotra an'ity firenena malalantsika rehetra ity. Efa nanaiky rahateo ny Filoha Marc Ravalomanana fa raha vao lany eo ny tenany dia tsy maintsy hirosoana io fanarenana ifotony izay dradradradraina ankehitriny io, miaraka amin'ny fampihavanam-pirenena tena izy sy ny fanovana ny lalampanorenana. Tsy maintsy manaraka ny drafitra ambaran'ny lalampanorenana isika raha tiana ny hirosoana marina tokoa amin'izany fampandrosoana izany. Tsy mitondra soa ho antsika ny "tetezamiitatra" fa ny tremalahy sy ny mpanefoefo ihany no mahita tombony mihoapampana amin'izany. Efa vita iny ny fifidianana fihodinana voalohany koa 'ndeha re hirosoana ny fihodinana faharoa. Marina fa tena tsy rariny tokoa izy ity satria tafalatsaka tanteraka ao anaty fotoam-pahavaratra saingy tongotra efa mby an-dakana ny antsika ka tsy afa-miverin-dalana intsony. Aoka samy hahay haka lesona amin'izao zava-mitranga izao isika vahoaka Malagasy tsirairay avy tsy misy hanavahana. Fitiavan-tanindrazana marina ve no tena manosika antsika tsirairay avy? Samia mamaly izany avy am-pony tsy miloaka any.

Manaraka izany, efa mba ela ihany ange ny CENI no nanao antso avo ny mba hijeren'ny vahoaka Malagasy isam-batan'olona tsirairay avy ny anarany ao anaty lisi-pifidianana fa isika mihitsy no tsy taitra e! Miandry ora farany hatrany isika vao taitra, misy aza ny tsy nanoratra ny anarany akory kanefa mitaky izany ao anaty lisi-pifidianana. Isika vahoaka Malagasy mihitsy no tokony hanova sy hanaiky hiova fa raha tsy izany dia ho kizo fara eto foana ity firenena malalantsika rehetra ity. Samia mba mandray antanana ny raharaham-pirenena fa zavatra tsy azo ihodivirana izy ity raha mbola misora-tena ho olom-pirenena ihany. Fantatra izao fa hisokatra amin'ny fiandohan'ny volana desambra izao indray ny lisi-pifidianana hiatrehana ny fifidianana solombavambahoaka sns... koa samia mba mijoro dieny izao manoratra ny anarany fa tsy afaka hanao "magie" mihitsy akory ny CENI fa izay nisoratra ihany no ho voasoratra.

Farany, samia mba mandinika lalina isika fa tsy sodokan'izao fanaitairana mandalo rehetra izao. Fantaro izay tena mahasoa marina tokoa ny firenentsika. Indrisy fa ilazan'ny sasany an'izao hatsanga tsy aman'orana rehetra izao isika dia indro fa roboka sy tafajabaka tokoa. Dia ho sasatry ny hifanenjika foana eto ve isika? Dia hifamadibadika eto amin'ity firenena ity ve ny karazana valifaty samihafa? Rehefa tsy mitovy hevitra amin'ny tena eto amin'ity Nosy ity dia kapaina, izay manembatsembana ny tombontsoan'ny tena dia jinjaina, dia toraka izany hatrany. Mizotra mankaiza àry ity tanindrazana malala ity raha toa ka izany hatrany no zavatra iainana eto? Samia mandinika, samia manakotsako fa efa tena torovana sy valalanina tanteraka i Madagasikara malala e! Asa fa tsy kabary, ny toky fitaka fa ny atao ihany no hita! Fotoana izao mba hanavotantsika miaraka amin'izay an'ity firenena malalantsika ity fa tena tsy rariny loatra ny manjo azy ankehitriny. Ndeha àry hifanolo-tanana isika mianakavy, hanao tongotra miara-mamindra sy soroka miara-milanja. Efa natambatr'Andriamanitra ato anatin'ity Nosy ity isika. Malagasy iray, Firenena iray, Tanindrazana iray, koa ndeha re hifankatia sy hifanasoa e! Tsy misy hafa isika fa olona iray ihany koa aza manaiky ho saratsarahana izany. Samia àry manefa ny adidiny fa izay no maha olom-pirenena vanona sy vonona antsika rehetra. Samy tompon'andraikitra amin'ny ho avin'ireo taranaka isika rehetra koa aza mifanilika andraikitra fa raiso an-tanana ny raharaham-pirenena. Mitsangàna àry, ndeha jereo fa sao mba voasoratra ao anaty lisi-pifidianana ihany ny anaranao. Amafisina etoana fa afaka mifidy soa aman-tsara izay rehetra voasoratra ao anaty lisi-pifidianana na dia tsy manana kara-pifidianana aza, saingy tsy maintsy mitondra kara-panondro na "permis de conduire" na "passeport". Tongava re mifidy fa tena zava-doza ny tsy fahatongavanao mifidy e! Tena diso be mihitsy ilay fiheverana hoe: "leo pôlitika dia tsy hifidy". Ny tsy fahatongavanao mifidy indrindra no vao mainka mampahazo vahana ireo mpambotry sy mpandroba firenena. Ho avy tsy ho ela ny fifidianana fihodinana faharoa, samia mandray lesona tamin'iny fihodinana voalohany iny. Inona avy no lesoka tokony harenina fa soa, hono, ho kenda mba hahay hitsako. Ndeha hamondrona ny hery isika rehetra, hanao izay tratry ny ainy avy mba hanavotana an'i Madagasikara malala. "Ny tonga miaraka no fanombohana fa ny miasa miaraka no fahombiazana".

***Nangonin'Isambilo***

Boriboritany faha-3 (CUA)

## Nanome kit scolaire, ho fanamaivanana ny fasahiranan'ireo ray aman-dreny

Amin'izao ankatoky ny fidiran'ny mpianatra izao dia nanao tantsoroka fanomezana fitaovam-pianarana ho an'ireo ankizy sahirana miisa 100, avy eny amin'ny fianarana miankina sy tsy miankina eny amin'ny ambaratonga voalohany, izay mipetraka eny amin'ny faritra iva, ny avy ao amin'ny Boriboritany fahatelo Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), sy ny mpiara-miombon'antoka aminy Iarivo Lion's Club, ny Sabotsy lasa teo, izay notontosaina tetsy amin' ny biraon'ny faha-3 Antaninandro. Izany dia tafiditra amin'ny vina ara-tsosialin'ny Ben'ny Tanàna Lalao Ravalomanana. Marihana fa fokontany miisa 5 no nahazo tombony tamin' izany : Andranomahery, Tsaramasay, Ankorondrano andrefana, Ankazomanga- Andraharo, Ankorondrano Antsinanana ary ankizy 5 taona hatramin'ny 12 taona no voakasika. Nisy ny fanadihadiana izay nataon'ny CUA teny anivon'ny Cisco sy ny ZAP mikasika ireo ankizy, vokatrin'ny fahasahiranana dia betsaka ireo ankizy misedra olana amin'ny fidirana mianatra. Ny delegen'ny Boriboritany fahatelo, Hery Razafitsalama, sy ny fikambanana Iarivo Lion's Club no nitarika ny hetsika teny an-toerana sy ny mpiara-miasa aminy avy. Nankasitraka ny fanomezan-tananan'ny Iarivo Lion's Club ny CUA ary mbola mitohy hatrany ny fiaraha-miasa eo amin'ny 2 tonta.



*Ny fanolorana kit scolaire tetsy Antaninandro.*

***Aly***

Boriboritany faha-6 (CUA)

## Nandraraka ranom-panafody tamin'ny toerana nisy trangana aretina kitrotro

Nahitana trangana kitrotro ny teny amin'ny fokontany Ambohimiadana atsimo, boriboritany fahaenina Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) ny zoma lasa teo, ka zaza iray no namoy ny ainy vokatr'izany. Tsy nitazam-potsiny ny kaominin'Antananarivo Renivohitra fa avy hatrany dia nandefa ny ekipa avy tao amin'ny amin'ny BMH (Bureau municipal d'Hygiène), nandraraka ranom-panafody, teny amin'ny toerana manodidina ny trano fonenan'ny niharam-boina. Ny tanjona amin'izany dia mba hamonoana ireo bibikely sy ny otrik'aretina mety hiparitaka manodidina ny trano, hitsinjovana hatrany ny fahasalaman'ny daholobe. Araka ny voalazan'ireo mponina manodidina dia efa ho roa izao ny zazakely maty voan'ny aretina kitrotro teny amin'iny toerana iny nandritran'ny herinandro izay. Araka izany, dia hanamafy ny fanadiovana ny boriboritany fahaenina, ary isika mponina kosa dia entanina mba hanaja hatrany, toy ny anakandriamaso ny fahadiovana eny amin'ny fokontany sy ny tokantrano izay misy antsika tsirairay avy any.



*Ireo mpandraraka fanafodin'ny CUA teny amin'ny Boriboritany faha-6.*

***Ny Valosoa***

## Nanadio tatatra teny Ankazomanga ka hatreny Andraharo

Mitohy ary miha-mafy hatrany ny asa fanadiovana ataon'ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) amin'izao ankatokin'ny fahavaratra izao. Nohon'ny fitarainan'ny mponina amin'ny fiakaran'ny rano, dia nidina teny ifotony ny ESA na ny (équipe Spécialisée d' Assainissement), sy ny ekipa teknika avy tao amin'ny boriboritany faha enina CUA omaly maraina, nanadio ny tatatra (curage) ary nanala ireo fotaka sy fako tao anaty tatatra. Izany dia natomboka teny amin'ny rond point Ankazomanga ka nifarana teny ampitan'ny SODIM Andraharo. Marihina fa olona miisa 20 avy ao amin'ny ESA sy ny boriboritany fahaenina no niara-nifarimbona nanatanteraka ny asa omaly. Asa fanaon'ny kaominin'Antananarivo Renivohitra andavanandro ny fanadiovana toy izao, fa ny nampiavaka azy tamin'ity indray mitoraka ity dia ny fanafaingana ny asa sy fampaharetana ny fahadiovana, ary indrindra ny kalitaon'ny asa vita. Ny tanjona dia mba ho fisorohana ny aretina mety hiparitaka amin'izao vanimpotoanan'ny fahavaratra izao amin'ny fiakaran'ny rano.

***Aly***

## SARIITATRA: Laingako kanjo zany e !




Ambohitsilaozana Ambatondrazaka

## Dahalo roa no maty, nodoran' ny fokonolona ny fatiny

Dahalo miisa roa no indray maty vokatry ny fifandonana tamin'ny fokonolona tao amin'ny tanànan' Ambodivoara atsimo Station, kaominina Ambohitsilaozana Ambatondrazaka ny faha-23 hifoha ny faha-24 novambra 2018 lasa teo. Fantatra fa nisy ny fanafihan-dahalo ny alin'ny faha-24 novambra 2018 teo, tokony ho tamin'ny 11 ora alina tao amin'ity kaominina ity. Lasan'ireo dahalo ny omby tao an-tanàna ka nahatonga ny fokonolona hanao avy hatrany ny fanarahandia. Sarona teo ampandrasana ny hena sy ny fizarana izany ny dahalo miisa telo. Vantany vao nahita ireto fokonolona anefa izy ireo dia avy hatrany dia nivonona ny hamaly. Niahotra ihany ireto fokonolona saingy rehefa niampy ny isan'izy ireo dia raikitra ny fifandonana. Tafaporitsaka nandositra ny dahalo iray fa ny roa kosa no nifanandrina tamin'ireo fokonolona tao an-toerana. Niezaka niaro tena ireo fokonolona noho izany, ka izay no nahafaty ireto dahalo roa ireto. Nodoran'ireo vahoaka ny fatin'ireo dahalo roa ireo rehefa avy eo noho ny hatezerana diso tafahoatra loatra. Tsy marina velively ny filazan'ny olona sasany hoe fitsaram-bahoaka no niseho hoy ireo mponina fa niaro tena izahay noho izy ireo namaly sy nikasa ny handatsaka aina ary efa maty vao nisy nandoro fa tsy hoe nodorana velona. Efa tafahoatra loatra ny asan-dahalo, ka mahatonga ny fahatezeram-bahoaka ihany koa indraindray satria tsy misalasala mihitsy izy ireny mamono ireo izay mifanandrina aminy. Isan'ny efa niharan'izany ny raim-pianakaviana iray tany antanetin'ny Mangalaza iny raha nanaraka omby very vao tsy ela akory izay ary dia maty tsy tradrano mihitsy.

***Raoul***

Fikambanana Tsiorintsoa

## Manao asa sosialy eny Antananarivo Atsimondrano

Efa an-taonany no nitsanganan'ny fikambanana mpanao asa soa Tsiorintsoa Atsimondrano, tarihan'ny filohany ramatoa Nofy Lalaina Haingoharijaonina, izay manana ny tarigetra : «hiarahandroso ho amin'ny tsara isika». Maro ny asa sosialy efa nataon'ity fikambanana ity, fa tao anatin'ny asa mangina no nanaovana izany, fa tsy natao nalaza tamin'ny haino amanjery isan-karazany. Ankehitriny dia miseho amin'izay ny fikambanana mampahafantatra ny momba azy tamin'ny mpampahalala vaovao omaly tao amin'ny Solimotel Anosy. Ny alahady teo dia nentina ambavaka tao amin'ny FJKM Ambohimasina Fitahiana ny fikambanana Tsiorintsoa. Tao anatin'izany indrindra no niantso ny Komity ny faha-140 taonan'ny fiangonana fa tsy misy trano ianarana hatramin'ny fiandohn'ny taona ny ankizy mpianatra ao amin'ny sekoly Fjkm fa narodan'ny rivodoza Ava tamin'ny taona lasa ny fotodrafitrasa nisy tao. Nahita izany ity fikambanana ity dia nanampy sy nitondra fanampiana entina hanamboarana ny sekoly amin'ny famitana ny rez de chaussée, ka hahafahan'ny kilasy 3 mianatra alohan'ny amin'ny faran'ity taona ity. Mitaona ny olona rehetra izay tsara sitrapo ny fikambanana hanome tanana azy ireo amin'ny asa maro izay atao satria maro be ny asa miandry amin'ny fijerena ny mpiara-belona.

***Helisoa***




COMMUNE
URBAINE
D'ANTANANARIVO
AOKA SAMY HANARY
FAKO AO ANATIN'NY
BAKA ISIKA
Izay tratra mandoto eny
ivelany dia hosaziana!
Azonao atao ny mifandray aminay amin'ny:
www.facebook.com/FahadiovanAntananarivo